# MOFONAINA 15 OKTOBRA 2024 – Jaona 9:24-34

## Mofonaina Talata 15 Oktobra 2024

### FANDAHARANA

- Fiantsoana sy Fiderana, Sal 119:17-24 + Hira 3 (FFPM) + Vavaka
- Hira 242/3,5 + Soratra Masina : Jaona 9:24-34 + Hira 426/2
- Fiaraha-mandinika Soratra Masina + Vavaka +
- Hira 543/3 + Tsodrano

---

### Jaona 9:24-34

## 1. NY BOKY

### 11. Fandraisan'anjaran'ny tsirairairay

Toko faha-21, nosoratana tamin'ny taona 80-110 AD. Jaona (Jaona 21:24) no mpanoratra, ary tany Efesosy no nanoratany.

### 12. Fanampiny

Ny boky dia nosoratana mazava tsara mba hinoana fa Jesoa Kristy no Zanak'Andriamanitra, ary ny finoana Azy no hananana fiainana (Jaona 20:31).
Ireto misy andininy tokony ho tadidy sy iainana: Jaona 1:12, Jaona 3:16, Jaona 8:12, Jaona 10:10, Jaona 14:6, Jaona 15:5, Jaona 16:33, Jaona 20:21, Jaona 21:22, Jaona 21:25.

Ankoatr'ireo, dia ao amin'ity boky ity no misy ny fanambaran-

tenan'i Jesoa Kristy, «Izaho no…»

- Mofon'aina (Jaona 6:48)
- Fahazavan'izao tontolo izao (Jaona 8:12)
- Vavahady (Jaona 10:9)
- Mpiandry tsara (Jaona 10:11)
- Fananganana ny maty sy fiainana (Jaona 11:25)
- Lalana sy fahamarinana ary fiainana (Jaona 14:6)
- Voaloboka (Jaona 15:5).

Ny boky dia mampivoitra ny fotokevitra hoe ao amin'ny fahoriana lalina indrindra no miseho ny voninahitr'Andriamanitra.

## 13. Drafitry ny boky

- **131. Ny Maha Andriamanitra an'i Jesoa (Jaona 1.1-18)**
- **132. Ny fahagagana sy ny famantarana (2-12)**
- **133. Ny didim-pananana navelan'i Jesoa (13-17)**
- **134. Ny Herinandro Masina: Fijaliana sy fandresena (18-21)**

---

# 2. FAMARITANA NY TEKSTA SY RAKI-BOLANA

## 21. Famaritana ny Teksta

Ity teksta ity dia ao anatin'ny fizarana mirakitra ny fahagagana nataon'i Jesoa. Fitantarana manokana ato amin'ny Filazantsara araka an'i Jaona.

## 22. Rakibolana

- **Mpanota ("hamartolos")**: Avy amin'ny matoanteny hoe "hamartano", tsy mahatratra ny fenitra, mamita-tena, manao fahadisoana.
- **Mivavaka aminy ("Theosebes")**: Izay manaja an'Andriamanitra. Fanekena fahefana sy fahatokiana

lalina.

---

## 3. IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN'NY TEKSTA

1. Ny fahitana ara-panahy dia tsy miankina amin'ny fahalalana teolojika, fa ho an'izay manaiky ny asan'Andriamanitra (Jaona 9:24-25).
2. Ny fanavaozana entin'i Jesoa dia ara-batana sy ara-panahy: niharatra ara-batana ilay jamba ary tonga tamin'ny finoana.
3. Ny finoana miorina dia vokatry ny fiainana ny famonjena nataon'i Jesoa (Jaona 9:25-27).
4. Ny asam-pamonjena dia tsy miorina amin'ny lalàna fa amin'ny fitiavana.
5. Ny mpino dia mety iharan'ny fanenjehana, fa mahasoa sy mampiorina izany.

---

## 4. FAMPIHARANA

1. **Aoka** hitombo fahalalana isika, saingy tandremo sao jamban'ny fandalinana ka tsy mahita ny asan'Andriamanitra.
2. **Aoka** hataontsika ho zava-dehibe ny fahatokiana ny asam-pamonjen'i Jesoa amin'ny fiainantsika andavanandro.
3. **Aoka** hanana fahasahiana hizara ny traikefa-pinoana niainanao amin'ny hafa ianao, indrindra amin'ireo tsy mpino.
4. **Aoka** hisafidy hifandray amin'i Jesoa amin'ny fitiavana feno isika fa tsy amin'ny fanajana ny fombafomba.
5. **Aoka** hijoro hatrany isika, na dia eo amin'ny toerana sarotra aza, haneho ny Fahamarinana araka an'i Jesoa

izay iainantsika.